## AKON'NY PASKA TETO ANDRENIVOHITRA 4

# OLONA 76 NAIDITRA HOPITALY, 1 MATIN'NY TOAKA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7835 Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Talata 02 aprily 2024


## MARINA IZANY ! 6

## JODASY !

## ALATSINAIN'NY PASKA ANTANANARIVO RENIVOHITRA 10



## FENO HIPOKA IREO TOERAM-PITSANGANTSANGANANA

## ANTENIMIERAMPIRENENA 7

# FANINTELONY AMIN'IZAO NO NISY FILOHANY NIADY AMIN'NY FITONDRANA NANOLOTRA AZY







## NAIVO RAHOLDINA 9


## "ATAON'IREO MPANOHITRA FITAOVANA RAZANAMAHASOA CHRISTINE"

## FIKAMBANAN'NY SILAMO MALAGASY 8

## NISANTATRA NY FIARAHAMIASA AMIN'I ARABIA SAODITA







Fialamboly alatsinain'ny paska

# Mbola anjakazakan'ireo mpihira tropikaly ny tanàna







Coliseum Antsonjombe ; Kianja Barea Annexe Mahamasina ; Club Nautique Ivato ; Antsavatsava Itaosy ; Kianja Bevalala, Soute à Bombe Ambodifasina. Ireo toerana ireo amin'ny ankapobeny no norakofan'ireo mpiangaly mozika tropikaly teto an-drenivohitra. Tato anatin'ny 10 taona farany teto ho eo izao, dia nanjakazakan'izy ireo ny kianja malalaka teto Antananarivo sy ny manodidina. Ary ny mahavariana, saika mpanakanto mitovitovy avokoa no miaka-tsehatra amin'ireny toerana ireny. Mbola lohalaharana hatramin'izao i Black Nadia, Tence Mena, Big MJ, fa niampy an'i Wawa kosa tamin'ity. Nanampy azy, tamin'ity taona ity ireo mpihira vao misandratra nefa manana vazo malaza be toa an-dry Raouto, Rim-Ka, Ceasar, Skaiz, Nael sy ny maro hafa.

Samy feno hipoka avokoa ireo kianja voalaza etsy ambony ireo omaly tontolo andro. Nifanitsa-kitro aza amin'ny ankapobeny, izay midika fa mbola betsaka ireo nisafidy ny hialavoly eto andrenivohitra sy ny manodidina akaiky ny tanana misy azy teto Antananarivo sy ny manodidina, indrindra ireo mpankafy mozika tropikaly.

Araka ny fantatra, nampiasa moto avokoa ireo artista nivezivezena namonjena ireo toerana hiakarana sehatra. Fiakarana an-tsehatra 4 ka hatramin'ny 6 no notanterahan'ireo artista voalaza anarana etsy ambony amin'ny ankapobeny. Ao anatin'ireny ry Big MJ, Rim-Ka, Raouto, Black Nadia , Tence Mena,… Nisy ihany ireo nimenomenona tao anatin'ny tambazotran-tserasera ny mpijery, toa ny teny Itaosy satria efa tara vao nisy artista tonga nanafana.

**Nangonin'i Fy**

Bodo sy Poopy - Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina

# Afa-po ireo niala voly tao anatin'ny "Mifampitantana"



**Matihanina ny seho natolotr'izy roa vavy ireto ka afa-po ny rehetra.**

Afa-po ! Izay avokoa no nambaran'ireo rehetra nanatrika ny fampisehoana notanterahan'i Poopy sy Bodo tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina ny folakandron'ny alahady 31 martsa lasa teo. « Mifampitantana 2024 » no anarana nampisalorana azy, izay voaporofo teny an-kianja satria niara-nifanotrona tamin'ny mpankafy hatrany izy mirahavavy nandritra ny seho. Fotoana fohy nisoloana akanjo ihany no tsy niarahan'i Poopy sy Bodo teo an-tsehatra. Ankoatra ireo hira marobe, izay tena nandrasan'ny rehetra ka niarahana niredona tamin'ireo mpijery. Teo ihany koa ny ravaka, izay niangalian'ny mpikarakara tanteraka hifanaraka amin'ny lohahevitra napetraka. Nandrasana sy nandrandrain'ireo mpankafy tonga tao antoerana ihany koa (andriambavilanitra ny ankamaroany) ny fianjaikan'izy mirahavavy ireto. Efa mahazatra hatramin' izay ho an'ireo mpankafy izany hoe inona indray ny taovolo ? ny kiraro ? ny akanjo hoentin'izy ireo ? –Mpanjaitra lamaody roa tonta no fantatra fa nampiakanjo an'i Poopy sy Bodo, dia i Tachou (mpamorona ny lamaodin'i Bodo eny antsehatra hatramin'izay) sy Sih Rakouto (mpamorona lamaody gasigasy malaza amin'izao).

Feno ny fialamboly nandrandrain'ireo mpankafy an'i Bodo sy Poopy, ka tsy nahitana fanakianana firy tany anaty tambajotran-tserasera taorian'iny « Mifampitantana 2024 » iny.

**Fy**

Tarika Rebika - Antsahamanitra

# Mbola tsy lefy laza 35 taona mahery aty aoriana

Fahombiazana ! Izay no azo hamehezana ny fampisehoana notanterahan'ny tarika Rebika tetsy Antsahamanitra, omaly folakandro. Nifanitsa-kitro ireo mpijery tonga tao amin'ny kianja maitso Antsahamanitra ary maro ihany ireo tsy tafiditra no ho ny fahafenoan'ny toerana. Araka ny fantatra, vao maraina dia efa maro ireo nitanjozotra nilahatra hiditra an'Antsahamanitra. Midika izany, fa mbola tsy lefy laza ry zalahy ireto na efa mihoatra ny 35 taona aza no niriarivany teo amin'io tontolon'ny kanto io. Ary hatramin'izay, ka hatramin'izao, nitsena fahombiazana hatrany ireto tarika ireto isaky ny miaka-




**Tonga avokoa ny mpikambana, hatramin'i Nix sy Hery Tiana (monina any Frantsa).**

tsehatra ao Antsahamanitra. Efa voafantsika ao am-pon' ireo mpankafy ny hiran'ny tarika. Izay mazava ho azy fa tsy anisan'ireo vazo natao ho entam-barotra nanenjika lamaodin-kira fotsiny ka miserana ao ampon'ny mpankafy mozika fotsiny ihany. Fa ny vazon-dry Rebika kosa, anisan'ireo kanto mateza mahatety vanim-potoana sy nitaiza fanahin'olona maro an-taonany tao anatin'ny onjampiainana. Hany ka nanjaka tanteraka ny fampiarahampeo teo amin'ireo mpijery sy ny tarika hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, omaly tetsy Antsahamanitra. Nafana ny fiarahana ary nalaina nisaraka ny rehetra.

Amin'ny ankapobeny, andriambavilanitra ny maro an'isa tamin'ireo mpijery sy mpankafy ny tarika. Izay tanora zokiny nobeazin'ny hiran'ny tarika hatramin'izay ary efa nampita izany tamin' ny taranany taty aoriana.

**Fy**

# Paska Antsirabe an-tsary
# Tomefy olona avokoa izay nolalovana







"Paska Fiderana 2024"

# Tsy nahasakana ny mpankafy Gospel tao Antsirabe ny orana

Nanomboka tamin'ny 2 ora antoandro ary tsy nifarana raha tsy tamin'ny 10 alina tany ho any ny « Pask Fiderana » teo anolon'ny Tranompokonolona Antsirabe ny Alahadin'ny Paska teo. Nizara ny famonjena efa azony amin'ny alàlan'ny hira fiderana no tanjon'ny Jaw's Band tamin' ny fikarakarana ny « Paska Fiderena ». Anisan'ny nandrasan'ny nandrasan'ny olona ny fiakaran'ny Jaw's Band sy ny Iz'Art Gospel antsehatra. Tao anatin'ny orana tanteraka moa izany saingy tsy nahasakana ny mponin' Antsirabe tsy ho tonga ary niharitra mandram-pahavitan' ny hetsika. Mpihira ara-pilazan-tsara avy ao Antsirabe maro no tonga nanafana ny sehatra ny tapany voalohany fa ny tapany faharoa kosa no niakatra ny Iz'Art Gospel ary namarana azy ny Jaw's Band. Na teo aza ny haterin' ny fotoana dia tsy maintsy nohirain'ny Jaw's Band avokoa ireo hirany efa fantatry ny olona. Nisongadina kokoa anefa ny hira momba ny hatsaran'Andriamanitra sy ny asam-pamonjena vitan'ny Jesosy Kristy teo ambony hazo fijaliana sy ny fitsanganany tamin'ny maty. Nampihetsi-po ny olona ihany koa ny hira fiankohofana sy ny fisaorana ka santionany amin'izany ilay hira hoe « Mitalaho », « Fanahy Masina ». Fa ankoatra izany dia teo ihany koa ny ny hira mihetsika fiderana toa ny « Efa Lera » « Mpanjaka vavy » sy ny maro hafa.
Anisan'ny nanome aina ny fampisehoana ihany kao ny jiro maro loko sy ny fanamafisam-peo ao amin'ny ilay hitiavan'ny olona azy. Nitondra ny traikefana tamin'izany ny Sono Exact Antsirabe izay efa matihanina tanteraka amin'ity resaka fanamafisam-peo sy jiro maro loko ity. Nitondra teny fisaorana ho azy ireo sy ny Kaominina Antsiarbe nampiantrano sy ny mpiara-miasa rehetra ary indrindra ny mponin' Antsirabe moa ny Jaw's Band.

**Tiaray R**

Vovonana Fanorona Analamanga

# Nahemotra amin'ny 10 Avrily ny fifaninanana saika hatao tamin'ny Asabotsy

Tsy raikitra ny lalao ara-pirahaliana nokasain'ny Vovonana fanaorona Alamanga hatao ny Asabotsy teo tetsy amin'ny Pergola. Nanasa mpilalao maro avy any amin'ny faritra izay afaka moa izy ireo mba handray anjara amin'ity lalao ity saingy noho ny antony maro samihafa dia izao tsy raikitra izao fa voatery nahemotra amin'ny 10 Avrily indray. Araka ny fanazavan'ny Filohan'ny Vovonana Fanorona Analamanga, Andriamampianina Lanto Harifetra dia noho ny antony maro samihafa ny hanemorana ny lalao. Ny tenany ankoatra ny maha mpilalao fanorona azy moa dia mpitandro ny filaminana ihany koa. Namoaka fanambarana anefa ny lehiben'ny fitandroana ny filaminana eto anivon'ny faritra Analamanga fa hisy ny hetsika ataon'izy ireo ka voatana ao anatin' izany izy. Araka izany dia mbola voatazona ho isan'ny mpandray anjara amin'io lalao amin'ny 10 Avrily io izay efa nisoratra anarana saingy mila manamafy izay fisoratana anarana izay izy ireo. Tsy hisy fihemorany intsony io lalao io, tsy miova ny toerana fa etsy amin'ny Pergola Antanimena ihany, tsy miova ihany koa ny fepetra mikasika ny fizotry ny fifaninanana, tsy miova ihany koa ny loka ho zaraina ho an' ireo 3 voalohany. Namerina ny fialantsiny ho an'ny mpilalao fanorona sy ny mpankafy moa ny filohan'ny Vovonam-paritry ny fanorona eto Analamanga.
Nambarany fa « *Tsy mora ny fikarakarana ny lalao tahaka itony ka mila fahatsapantenan'ny tsirairay fa tsy hanakiana be fahantany fotsiny fa manimba ny fotokevitra hijoroan'ny mpilalao fanorona izany* ».

**Tiaray R**

Herisetra an-tsekoly

# Ny Lycée Ampitatafika no nisitraka voalohany ilay filma "Le Carnet"

Nisantatra ny hetsika fanentanana hiadiana amin'ny herisetra an-tsekoly sy ny ady amin'ny fidorohana sy fandraisana zava-mahadomelina amin'ny endriny maro samihafa ny mpianatra ao amin'ny Lycée Ampitatafika ao anatin'ny distrikan' Atsimondrano. Mpianatra tsy latsaky ny 150 no nisitraka izany ny Alakamisy lasa teo. Ny hetsika moa dia tafiditra ao anatin'ilay tetikasa “Fitaratra” novolavolain'ny fikambanana “Imaso Ivoho”. Nandritra izany no nandefasana ilay horonan-tsarimihetsika fohy mitondra ny lohateny hoe “ Le Carnet”. Nisy ny fandrasain'ny mpianatra anjara tamin'ny fanehoan'izy ireo ny heviny mikasika ny horon-tsarimihetsika , ny tolo-kevitra avy amin'izy ireo mikasika ny zavatra tokony ataony manoloana ny fihanaky ny zava-mahadomelina sy fihantraikan'izany eny anivon'ny fiarahamonina sy any an-tsekoly. Nandray anjara betsaka ihany koa izy ireo tamin'ny famoahany ny heviny momba ny herisetra an-tsekoly. Tsapan'izy ireo tokoa fa na entina amin'ny sangisangy sy ny hanihany aza ny fitenana ny kileman'ny ankizy iray dia mety handratra sy hanimba azy izany. Fa tetsy ankilany dia nitondra ny traikefany amin'ny maha mpanabe sy mpanentana azy ireo ny fikambanana “Imaso Ivoho” ka nisy ny toromarika natolotr'izy ireo ny mpianatra raha mahita na mandre heristra eny anivon'ny Sekoly izy ireo. Anisan'izany ny fifanajana, fametrahana ny maha ianao anao. Fampahafantarana ny mpampianatra na ny Ray aman-dreny ny trangana herisetra ary indrindra ny fiarovana ny tsy hanandramana na handraisan'ny mpianatra zava-mahadomelina.
Nilaza moa ny Proviseur Fano Rakotomandimby fa “ilain'ny sekoly ny fanetanana toy izao” Nisaotra azy sy ny mpitantana ary ny mpanabe eo anivon'ny sekoly moa ny fikambanana “Imaso Ivoho” tamin'ny fandraisana azy ireo. Marihana fa Rasoanaivo Anjaramalala no vy nahitana sy ny angady nananana tamin'ity horonan-tsary “Le Carnet” ity.

**Tiaray R**

Résidence Mahasoa- ORTVak

# Miara-miasa ho fampiroboroboana ny fizahantany



**Fanohizana sy fanamafisana ny fiara-miasa eo amin'ny Mahasoa Residence sy ny ORTVak izao fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa izao.**

Anisan'ny toerana mahasarika mpizahantany ny tanànan'ny Vakinankaratra, tsy ny avy eto an-toerana ihany fa na ireo vahiny avy any ivelany aza dia toa ohatran'ny tsy teto Madagasikara raha tsy mandalo ao Faritry Vakinankaratra. Amin'ny fotoanan'ny fialan-tsasatry ny Paska ohatran'izao dia tonga maro tokoa ny mpizahatany saingy olana kely ho azy ireo ny tsy fahafantarana loatra ny toerana sy zavatra mahaliana misy ao Vakinankaratra ankoatra ireo efa malaza.Teo indrindra no nampisokatra ny fiaraha-miasa eo amin'ny Residence Mahasoa sy ny Ofisim-paritry ny fizahantany ao Vakinankaratra. Ny Asabotsy teo ary no vita ny fifanaoavan-tsonia mikasika ny fiaraha-miasa eo amin'ny andaniny sy ny ankilany amin' ny fametrahana ivon-toerana iray (Box)) ao anatin'ny Residence Mahasoa ahafahan'ny mpizahatany mahafatantra ny toerana manan-tantara sy ny toerana tokony ho tsidihana ao Vakinankaratra. Anisan'ny antony nametrahana ny ivon-toerana ao amin'ny Residence Mahasoa moa dia noho izy be mpitsidika sy mpandalo ary hivezivezen'ny olona noho izy miorina ao Antampon-tanànan'Antsirabe ao Antsenakely raha somary sarotsarotra kosa no miditra ao amin'ny biraon'ny ORTVak amin'izao fotoana izao. Ny fifanaovan-tsonia moa dia natrehan'ny mpikambana eo anivon'ny Filankevim-pitantanan'ny ORTVak izay notarihian'ny Filohany, Ratolojanahary Fanirintsoa sy ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny Residence Mahasoa sy ny MMS Madagaascar Balloons, Rambelomanana Hans Thierry.

*Tsy ho sahirana mandeha lavitra intsony ireo izay tia ahafantatra ny ORTVak sy ny fizahantany fa efa hita ao amin' ny Residaence Mahasoa ao Antsenakaly.*

**Betsaka ny fiaraha-miasa**

Nambaran'i Ratolojanahary Fanirintsoa filohan'ny Filankevim-pitantan'ny ORTVak fa « *tsy ho foana akory ny biraon'ny ORTVak fa mbola ao ihany fa fisokafana sy fiaraha-miasa amin'ny tsy miankina mba ho fampiroboroboana ny ny fizahantany no antony. Manampy betsaka ny ORTVak ny fiaraha-miasa tahaka izao ary tsy ho an'ny fizahan-tany ihany fa eo dia eo ihany koa ny fampahafantarana ireo toerana manatan-tantara».*Ankilany dia nanambara i Rambelomanana Hans Thierry tompon'ny ny Residence Mahasoa fa « *tsy hiteraka olana ho azy ireo ny fisian'io toerana io ao amin'izy ireo fa fanohizana sy fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny Residence Mahasoa sy ny ORTVak efa nisy hatramin'izay* ». Ankoatra izay dia mbola betsaka ny fiaraha-miasa iarahan'ny andaniny sy ny ankilany ka anisan'izany ny fametrahana ivon-teorana azo hisatrahana internety maimaim-poana. Fa ankoatra izay dia hiezaka hametraka toerana roa na telo ahafahana mampiroboroboro ny fitsangatsanganana amin'ny « Balloons » ny MMS Madagasikara. Notsindriany fa « *hitohy hatrany ny hetsika ataon'izy ireo ary hihatsara sy ahasarika mpizahan-tany betsaka kokoa hatrany izany.*

**Tiaray R**

PETITES ANNONCES Gazetiko

VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-10)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 791/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 791/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 791/6-5)

Akon'ny Paska teto Andrenivohitra

# Olona 76 naiditra hopitaly, 1matin'ny toaka

Raha nitaha ny tamin'ny taon-dasa dia azo lazaina ho nilamindamina ny fetin'ny Paska teto Andrenivohitra tamin'ity. Raha araka ny tarehimarika vonjimaika voaray teny amin'ny hopitaly HJRA Ampefiloha mantsy dia olona enina amby fitopolo eo no naiditra hopitaly nanomboka ny Alahady hatramin'ny Alatsinain'ny Paska tolakandro. Lehilahy iray matin'ny toaka, roa kosa narary vokatry ny fanapoizinana aratsakafo ary telo narary vokatry ny fihinanana sakafo tsy ara-dalàna. Olona fito hafa kosa voatery tsy maintsy nentina teny amin'ny hopitaly noho ny hamamoana diso tafahoatra. Tao ihany koa ireo naratra vokatry ny lozam-pifamoivoizana. Maro tamin'ireo olona nentina teny ireo moa no efa nivoaka rehefa nahazo ny fitsaboana sahaza azy fa tao kosa ireo mbola manaraka fitsaboana ka tsy voatery tsy maintsy notazonina. Mbola mety hiova moa io tarehimarika io satria nisy hatrany ireo olona naiditra teny amin'ny hopitaly ny Alatsinainy hariva indrindra fa ilay fodian'ny olona avy nitsangatsangana sy nanao fety iny.

R.C

Nosy be

# Mpisolovava maty voatsindrona antsy teo amin'ny kibony

Nampivarahontsana ny maro tokoa ny nanjo ity lehilahy mpisolovava ity. Raha nandeha niantsena tao amin'ny bazar kely Andavakotoko any Nosy be mantsy izy ny sabotsy maraina lasa teo no nisy nanindrona antsy. Lehilahy iray tokony ho enina amby telopolo taona eo no avy hatrany dia namely azy ka teo amin'ny kibony no gorobaky ny antsy ary nivoraka hatramin'ny tsinainy. Taitra avokoa ny rehetra raha vao nahita ny fahavoazany. Novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly izy saingy tsy tana ny ainy. Nosamborin'ny olona avy hatrany ilay lehilahy namono ary tonga dia nanaovan'ireo fitsaràm-bahoaka teo. Raha tara kely ny fahatongavan'ny mpitandro filaminana dia saika matin'ny olona teo ihany koa io. Nentin'ny polisy avy hatrany ilay lehilahy io mba hatao famotorana sy hiarovana ny ainy nanoloana ireo olona marobe efa romotry ny hatezerana.



Ilay lehilahy namono ilay mpisolovava!

**Marary saina**

Raha ny fanazavàna azo hatrany dia voalaza fa tsy dia salama saina loatra ity lehilahy namono ilay mpisolovava ity, izay avy any Ambaliha, distrikan'Analalava. Voalaza fa misy fihetsehany izany aretin-tsainy izany ka tsy hay na vokatr'izany no nahatonga azy hamono olona toy io na herisetra tsotra izao. Mbola tena tanora tokoa anefa ilay mpisolovava io namoy ny ainy io satria vao roa amby telopolo taona. Avy any Fenoarivo Atsinanana no tena fiaviany fa nandalo tao Nosy be izy tamin'io. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'iza ka mandeha ny fanadihadiana.

R.C

Paska teto Andrenivohitra

# Mpanendaka 11 sy mpamaky trano 3 voasambotry ny polisy

Polisy maro no nahetsika nandritra iny herinandron'ny Paska teto Andrenivohitra iny tamin'ny alalan'ny hetsika SARIKA. Nahitàm-bokany izany satria mpangarom-paosy sy mpanao sintomahery miisa iraika ambinifolo ary mpamaky trano telo no voasambotry ny polisy nanomboka ny Alakamisy 28Martsa hatramin'ny Alahadin'ny Paska teo. Toerana maromaro no nahatratrarana azy ireo toy ny teny Sabotsy Namehana, Ambodin'Isotry, Ambodifilao, Behoririka. Teny Andravoahangy kosa no nahatratrarana ireo mpamaky trano telo lahy ireo. Niparitaka nanerana ny faritra maro teto Andrenivohitra moa ny polisy, izay nanao fisafoana hatrany an'elakelan-trano indrindra fa tamin'ireo faritra mafana sy ireo toerana be olona. Azo lazaina ho nanao fety am-pilaminana ny rehetra tamin'iny fetin'ny Paska iny. Tsy mijanona hatreo fa mbola hitohy ity hetsika ataon'ny polisy ity.

R.C

Arivonimamo

# Mpitondra taxi-môtô maty notifirin'ny jiolahy

Lasibatry ny jiolahy indray ireto mpitondra taxi-môtô roa lahy ireto ny Alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 8ora alina tao Miandrandra- Arivonimamo. Araka ny fanazavàna azo, nisy efa-dahy nifampiresaka tamin'izy ireo teo Arivonimamo hoe haterina any Talata – Miandrandra. Rehefa raikitra ny ady varotra dia roso ny dia. Vao nandeha kelikely anefa dia nijanona nividy zava-pisotro mahamamo ireto efa-dahy naterina ary tsy nijanona nisotro izy ireo teny an-dàlana. Rehefa tonga teo amin'ny tetezana antsoina hoe Ankolomaka Avaratra dia nasain'izy ireo najanona ny môtô. Vao nijanona dia navoakan'izy ireo avy hatrany ny basy tany aminy avy ary notifiriny izy roa lahy mpitondra môtô.

*Vao nijanona dia navoakan'izy ireo avy hatrany ny basy tany aminy avy ary notifiriny izy roa lahy mpitondra môtô.*

**Hita avokoa ny môtô**

Ny iray voa teo amin'ny sandriny ary latsaka tany anaty rano. Ny iray kosa maty trà-drano vokatry ny tifitra nahazo azy. Nentin'ireo jiolahy avy eo ny môtô. Vao nandre ity vaovao ity moa ny zandary dia nanao ny fanadihadiana sy ny fikarohana. Tamin'izany no nahitàna ireo môtô, izay navelan'ireo jiolahy tao Ampelatsasatra ny iray ary tany Mananetivohitra Atsimo kosa ny faharoa. Mbola mitohy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo jiolahy ireo amin'izao. Raha ny fanazavàna azo hatrany dia voalaza fa mpampianatra ity iray namoy ny ainy ity.

R.C

Antsohihy

# Voasambotra i Jerison dahalo raindahiny

Trà-tehaky ny zandary tao Betomendry, kaominina Anahidrano, distrikan' Antsohihy i Jerison, dahalo raindahiny sy mpitahiry omby halatra. Raha ny fanazavàna, dia efa nisy fotoana nahavoasambotra azy ity ary nofonjaina taty Antananarivo izy taorian' izany. Gaga anefa ny olona fa votsotra izy ary niverina tany Antsohihy indray. Teo am-pamoriana ireo dahalo namany, izay ampanaovany asa ratsy indrindra izy izao voasambotra izao. Hatramin'ny niverenany tao Antsohihy dia nitohy sy nihamafy ny halatr'omby tao amin'ny distrikan'Analalava sy Antsohihy. Fantatra fa mbola ao amin'ny kijaniny ao Betomendry sy ny manodidina ihany no fieren'ireo dahalo sy hanafenany ireo omby avy hangalariny. Mbola mitohy ny fikarohana ireo namany ary mangataka fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny zandary amin'ny fanomezam-baovao azy ireo.



Ilay dahalo voasambotra!

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Fiondranana an-tsambo an-tsokosoko

# Mbola ezaka goavana ny fifehezana ny sisin-tany

*Ny any amin'ny Morontsiraka avaratry Madagasikara no mitana ny laharana voalohany amin'ny tranga fanondranana olona amin'ny alàlan'ny botry na an-tsambo an-tsokosoko. Olona mitsoam-ponenana na koa manao ny asa fitadiavana ravinahitra any ivelany, mankany Mayotte, Seychelles, Comores…sns. Betsaka ihany koa ireo efa nahita loza tamin'izany saingy mbola mitohy ilay tranga mandraka ankehitriny. Toa hoe lasa fomba fanaon'ireo mponina any amorontsiraka ny fiondranana an-tsokosoko amin'ny alàlan'ny sambo. Efa tsy vaovao any an-toerana intsony izany ary tsy misy olona manohitra loatra satia hoe mafy hono ny fitadiavana. Mbola ezaka goavana hatrehan'ny fanjakana ny araka izany ny fanenjehana azy ireny. Tambajotra matanjaka rahateo no ambadik'ireo tantsambo na ny tompon-tsambo manao ny fiondranana an-tsokosoko. Tsy voatery ho mitondra olona ny sambo na ny botry fa misy koa ny manjono, ao ny mitatitra entana sy ireo harem-pirenena isankarazany ka mampanano-sarotra ny fepetra tokony ho raisin'ireo tomponandraikitra. Ankoatra izay dia tsy voatery avy eto Madagasikara ihany no miala ny sambo na ny botry iray fa misy koa ny avy any amin'ireo firenena hafa na ny nosy hafa tonga miditra an-tsokosoko eto amintsika.*

### Sisin-tany

Vao afakomaly asabotsy ohatra dia vedety iray no tratra, nikasa hitondra olona an-tsokosoko, ho any amin'ny Nosy Mayotte. Izany hoe iainga tao amin'ny seranana Antsahapano, distrikan' Ambanja izy ireo no tratehaka. Teratany vahiny maromaro no tao anatin'ilay vedety, nahitana Etiopianina, Somalianina, Malianina… sns ary nisy malagasy efatra. Raha nototaliana dia mpandeha 26 no tratra. Vedety sahabo ho 9 Metatra eo ho eo, atosiky ny motera 115 chevaux izy io. Ankoatran' ireo olona dia solika litatra maromaro ihany koa sarona tao. Izany hoe efa niomana ny hanainga ireto farany, tokony tamin'ny misasakalina tany ho any. Mbola mitohy moa ny fanadihadiana sy ny fikarohana. Mbola misy olona hafa tokony samborina amin'ity raharaha ity, raha ny loharanom-baovao. Ny tiana hatsidina dia tsy vao izao ity resaka fiondranana an-tsokosoko ity.Betsaka no efa nahita loza saingy tsy mety fay. Izany koa no maneho fa mbola sarotra ny ady satria tena mibanaka loatra ny sisin-tanin'ny Madagasikara.



Efa nikasa hiala tao Ambanja ity vedety kely ity.



Toy izao hita izao ny fipetrak'ireo mpandeha, hamakivaky kilaometatra maro eny ambony ranomasina.

### Sambo mpanjono

Vao haingana koa izao tamin' ny alahady 24 Marsa 2024. Sambo mpanjono iray no tratra tao Tambohorano distrikan'i Maintirano. Teratany Sri-Lankais 10 lahy indray no hita tao amin'ilay sambo. Sambon'ireo tafika andranomasina atao hoe « ANTSANTSA » no nahatratra an'ity sambon'ireto Sri-Lankais ity. Rehefa nosavaina dia tsy misy taratasy fazahoan-dalana hanjono aty amin'ny fari-dranomasin' ny Madagasikara akory tany amin'ireo teratany vahiny ireto. Izany hoe manao asa fanjonoana an-tsokosoko izy ireo. Porofon'izany dia nahatrarana trondro « Dauphins » miisa 9 tao anatin'ilay sambo. Voatery nosamborina izy ireo ary nogiazana ny sambony. Tiana hambara dia mila fehezina mafy ny sisintany na dia hita aza fa mbola lavitra ny ezaka. Tsy lazaina intsony iny lafin'ny fanondronana olona an-tsokosoko iny, fa ao ny fandraharahana an-tsokosoko amin'ny alalan' ny fampiasana ny ranomasina. Noho izany dia manaitra ny tomponandraikitra maro izay misahana io lafin' ny fiarovana ny sisin-tany io mba hiaraka hisalahy amin' ny fitadiavana vahaolana na dia fohy ezaka ihany aza. Tafiditra amin'izany moa ny mpitandro ny filaminana, ny fadin-tseranana ny Minisiteran' ny jono sy ny toe-karena manga, ny Minisiteran'ny fitanterana sy ny famantarana ny toetr'andro…sns.

### Loza an-dranomasina

Raha ny asan'ny APMF manokana ohatra dia hita ihany ny fiezahana ataon' ireo tomponandraikitra eo amin'ny lafin'ny fanarahamaso ny sambo. Rehefa hiainga ilay fitanterana dia misy ny fitsirihana atao, sahanin'ireo. Anisany jerena amin'izany raha hoe tomombana ve sa tsia ny sambo iray mialoha ny hiangana eny amin'ny seranana. Raha toa ka eny dia misy ny fanomezana fazahoan-dalana handeha. Izany hoe fantatra mialoha ny taratasy tokony ho karakarain'ny tantsambo sy ny ekipany ary ny mpandeha na ny entana entina mba hisorohana ny loza andranomasina. Raha ny fanazavana voainay dia hoe anisany fanatsarana teo anivon' ity APMF ity ny fametrahana ny fepetra fiarovana Izany hoe ireo tantsambo rehetra dia tsy maintsy manana taratasy fifanarahana eo aminy sy ny tompon-tsambo. Aseho an'ny « APMF » izany ary jerena raha manaraka ny Fehezan-dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina. Mialoha ny hianga ny sambo no aseho io ary eo koa no misy fanakanana raha sendra hita ny tsy fanarahan-dalana ataon'ireo sambo handeha. Ohatra amin'ny zavatra atao fitsirihana ny lafin'ny mekanika, ny entana entina, ny vesatry ny entana, ny AIS , ny isan'ny mpandeha…sns.

### Paikady

Raha ny ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina manokana ohatra dia misy ny paik'ady napetraky ny APMF, satria io dia anisany seranana lehibe indrindra eto Madagasikara. Nohamafisina ny fepetra ka ny sambo rehetra dia tsy maintsy mandefa ny « position » na ny toerana misy azy ireo. Avondrona ihany koa ireo sambo rehetra mialoha ny hiainga mba hahafahan'izy ireo mifampiresaka eny an-dalana, miaradalana, ary mifanampy raha sendra misy ny olana. Raha sanatria ka misy sambo manitan-kevitra hanao fandikan-dalàna dia tsy maintsy ho tratra. Izany koa dia ho fiarovana ny tantsambo, hahafahana mamantatra ny lalankalehany, ny hafangainampandehan'ny sambo. « *Raha sendra misy olana sy fahatarana eny an-dalana dia fantatra ny fepetra tokony ho raisina* » : hoy ny lehiben' ny APMF ao Toamasina.

### An-tranomaizina

Na izany aza dia hita fa mbola olana goavana ny fandikan-dalana ataon'ireo tantsambo. Nanomboka ny fotoan'ny fihiboana nandritra ny valan'aretina covid-19 teo ireny no nisehoan'izay betsaka. Raha olona 10 no tokony ho entin'ilay sambo, hita anatin'ny taratasy fazahoan-dalana dia mitondra mpandeha 30 na 40 izy ireo. Izany hoe maka mpandeha an-tsokosoko eny anelanelan'ny ranomasina ireo ekipa anaty sambo. Ny sasany moa dia manafina olona any anaty fitoeran'entana na any ambany lakavy …sns. Feno olona avokoa na amin'ireny toerana tokony tsy hisy mpandeha ireny. « *Io anefa no tena matetim-pitranga ary tena zava-doza. Ka dia namoaka naoty izahay ny mba hisorohana ny tsy fanarahan-dalàna. Raha ny Fehezan- dalàna momba ny tontolon'ny ranomasina ho an'izay tratra mangala-dia toy izany dia tokony ampidirina enim-bolana an-tranomaizina izy. Izany dia hita ao anatin'ny « art-7505 ». Ny ekipa rehetra sy ny sambo ihany koa dia saziana tsy hiasa anatin'ny enim-bolana raha toa ka mandika io lalàna io, araka ny lalàna. Nahitana tombotsoa lehibeny fampiharana an' io fepetra io, ary betsaka tamin'ireo mpandraharaha amin'ny sambo no nanaiky ilay toromarika navoakan'ny APMF : »*, hoy hatrany ny fanazavan'ny tomponandraikitra. Raha ny fanadihadiana nataonay dia misy olom-panjakana eny ifotony mihitsy no manao fangatahana fampitomboana an'ireo mpandeha tokony hian-tsambo. Misy koa ny manao ramatahora, mandrahona ny mpanome taratasy fiaingana rehefa toherina ilay fangatahana.

**Nangonin'i Deyland**



Ity ilay sambo mpanjono an'ireo Sri-lankais tratra tao Maintirano.









Ny Tafika malagasy nanao fisafoana no nandray andraikitra nampijanona ilay sambo mpanjono an-tsokosoko.

Nanaja tena Rtoa Razanamahasoa Christine

# Efa notaominy ny entany manokana, naveriny avokoa ny fitaovam-panjakana

*Mandalo krizy izany izao ny andrimpanjakana mpanao lalàna, eny Tsimbazaza, rehefa nesorin'ny HCC tsy ho solombvambahoaka ny filohan'ny Antenimierampirenena.*




Ny lapan'ny Antenimierampirenena. (sary tahiry)

Hiantso fivoriana tsy arapotoana, hanomanana ny fifidianana izay ho filohan'ny antenimierampirenena vaovao ve ny mpitondra sa inona no fomba araka ny lalàna azony atao, hametrahana filoha mpisolo toerana, mandra-pifaran'ny fotoam-piasan' ny depiote izay tsiahivina fa tapitra amin'ny tapaky ny volana jona ho avy izao? Io no fanontaniana manitikitika ny saina taorian'ny didy navoakan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, nanala an-dRtoa Christine Razanamahasoa tsy ho solombavambahoaka intsony. Vokany, mandalo krizy ny andrimpanjakana mpanao lalàna, eny Tsimbazaza noho ny antenimierampirenena tsy misy lohany hitarika. Ny filohan'ny antenimierampirenena teo aloha rahateo efa nanaja tena satria tsy ampy efatra amby roapolo ora taorian'ny nivoahan'ny didy, laharana 05-HCC/ AR, tamin'ny 28 marsa lasa teo dia nitaominy niala ny biraon'ny Tsimbazaza ny entany manokana. Nifanindrandalana tamin'izany, nahazoam-baovao maripototra fa efa naveriny ihany koa ny fiaram-panjakana sy ny fitaovam-panjakana rehetra nampiasainy. Ankoatra izay, araka ny loharanombaovao etsy ambony dia efa niverina any amin'ny toby misy azy avokoa ireo mpitandro filaminana niaro andRtoa Christine Razanamahasoa, taorian'ny antso teny nidina izay marihin'ny loharanom-baovao etsy ambony fa tsy voarakitra an-taratasy.

**Inona avy ny zony?**

Tsy misy mpiambina izany Rtoa Christine Razanamahasoa, nanomboka tamin'ny asabotsy lasa teo na dia heverina fa manan-jo hanana izany amin'ny maha filohan'andrimpanjakana teo aloha azy. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa sambany no nisy filohan'andrimpanjakana nesorin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana tamin'ny andraikiny tamin'ny tantaran'i Madagasikara, raha fandravana ny antenimierampirenena sy ny antenimierandoholona kosa no efa nitranga teto, nandritra ny krizy 2002 sy 2009. Tsy misy andinin-dalàna arak' izany mamaritra ny zon'ny filohan'ny andrimpanjakana nesorina teo amin'ny andraikiny. Ny fanontaniana mipetraka amin'izao fotoana izao dia ny hoe: ho sokajiana ho filohan'Andrimpanjakana teo aloha ve Rtoa Christine Razanamahasoa ka hisitraka ny zo mifanaraka izany sa toy ny mateti-pitranga dia efa mankany mankany amin' ny famerenana azy ho olontsotra? Mbola fanontaniana iray manitikitika ny saina ihany koa ny hoe : mbola anisan'ny hirotsaka hofidiana ve Rtoa Razanamahasoa Christine, amin'ny 29 marsa ? Raha eny inona indray no hitranga ? Fa raha iverenana ny mahakasika ny fiambenana filohan'Andrimpanjakana dia marihina fa samy manana ny tale misahana izany sy ny olombelona eo ambany fifehezany, izay ahitana miaramila sy pôlisy ary zandary ny fiadidiana ny filohan'ny Repoblika; ny fiadidiana ny Praiminisitra; ny Antenimierampirenena; ny Antenimierandoholona. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia mpitandro filaminana avy eny amin'ny fiadidiana ny Praiminisitra kosa no misahana ny fiambenana ny mpikambana ao amin'ny governemanta.

V.R.

## Marina izany !

### Jodasy !

**Iza no olona tsy mahalala ny tantaran'i Jodasy ? Na olondehibe, na ankizy ary tsy voatery izay mpandeha any ampiangonana matetika ihany fa na ny olon-tsotra aza dia samy mahalala izany daholo, na tamin'ny alalan'ny filma ihany aza fara-faharatsiny. Vao nankalazaina ny alahady teo ny Paska na Paka. Na fankalazana ny nitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty aza no vontoatin'ny fety, araka ny finoana kristiana, dia voatonona ihany koa ny anaran'i Jodasy. Ilay resaka famadihana no tena nahafantarana sy nampalaza ny anaran'ity farany ao anatin'izany. Talohan'ny fetin'ny Paska dia nanamarika ny tsingerintaona faha-77 datin'ny 29 marsa 1947 ihany koa ny firenena malagasy. Marina fa zavatra samihafa mihitsy ireo. Ny voalohany resaka finoana sy fivavahana, na dia misy politika kely ihany satria nentina teo anatrehan'ny manampahefana solontenan'ny fanjakana sy ny amperora romana ny raharaha. Ny faharoa kosa tena resaka politika na dia nisy mpitondra fiangonana koa aza tafiditra tao anatiny. Ny zavatra atao hoe ifanahafany izy roa angamba dia samy misy Jodasy tao anatiny, izany hoe mpamadika. Tsy mitovy anefa ireo fa sahala. Voalaza amin'ny tantara foana mantsy fa nisy ireo Malagasy mpamadika ka izany no tsy nampahomby ny tolona natao tamin'iny 29 marsa 1947 iny. Asa na miverimberina ny tantara fa hatramin'izao andro ankehitriny izao dia voateniteny hatrany ny fisian'ny mpamadika eo amin'ny raharaha pôlitika eto amin'ny firenena. Tamin'ny tolona nataon'ny Hery Velona ny taona 1991 dia efa nitranga izany. Ny mpitondra izay tafapetraka tamin'ny alalan'ny hetsibahoaka ny taona 2002 koa dia nilaza ampahibemaso tato aoriana fa nisy mpamadika ireo niaraka taminy ary notononiny mihitsy aza hoe " misy Jodasy " ! Ao anatin'izao savorovoro pôlitika lalovan'ny firenena izao indray dia samy mifampiampanga ho mpamadika ihany koa ireo mpifanandrina, na ireo mbola miara-dia amin'ny mpitondra, na ireo niaraka taminy hatramin'ny taona 2009 fa lasa nisintaka sy miady aminy ankehitriny.**

Lucien Raharison

Vovonana Firaisankina

# "Miaina anaty krizy politika sy fahantrana lalina ny firenena"

Mandalo krizy politika ny firenena! Izay no amaritan'ny Vovonana Firaisankina ny raharaham-pirenena taorian' ireny fanapahan-kevitra noraisin'ny HCC nanonganana ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Filohan'ny Antenimierandoholona ireny. Nandritra ny fampahafantarana tamin'ny fomba ofisialy ireo kandida solombavambahoaka hitondra ny fanevan'ny Firaisankina any amin'iny ilany Atsimon'ny Nosy iny tamin'ny sabotsy teo no nitondran'ny vovonana izany heviny izany. "*Mbola tsy nisy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara izany hoe filohana Andrimpanjakana roa samy hafa niara-nesorina tamin'ny fotoana mitovy izany. Ny dikany, na tiana na tsy tiana dia misy krizy politika eto ary izay no mahatonga ny fahasahiranana mampikaikaika antsika vahoaka Malagasy*", hoy Ing. Siteny Randrianasoloniaiko, filoha mpiara-mitantana ny Vovonana Firaisankina tamin' izany. Teo amin'ny lafiny sosialy indray, sady nitanisa io endriky ny fahatrana tsikariny no nametraka fanontaniana tamin'ireo mponina any amin'iny ilany Atsimon'ny Nosy iny io mpanao politika io. "*mbola zakantsika ve vidim-bary tsy mitsahatra ny miakatra ? Toa izany ihany koa ny vidin'ny siramamy niakatra avo roa heny tao anatin'ny herinandro ? Nanaovana fampanantenana pokaty fotsiny isika tao anatin'izay fotoana naharitra izay, indrindra tamin'ireny fampielezan-kevitra ireny* », hoy hatrany izy.

**Efa nampoizina**

Ao anatin'izany rehetra izany, isan'ny vahaolana naroson'io vovonana Firaisanina io mba hivoahana amin'izany krizy arapolitika sy krizy ara-tsosialy tsikaritr'izy ireo izany ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka ary indrindra ny hahazoan'ny mpanohitra ny maro an'isa eny anivon'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoam-piasana manaraka. Raha hiverenana ny momba ireo kandida depiote hitondra ny fanevan' ny Firaisankina any amin'iny ilany Atsimon'ny Nosy iny, izay nampahafantarina tamin'ny sabotsy teo dia tafakatra 25 ny isan'izy ireo. Raha efa nampoizina ny maha kandida an-dry Siteny Randrianasoloniaiko, ry Idealison Keron ary ry Jean Jacques Rabenirinira dia vaovao kosa ry Alain Desiré Rasambany, izay sekretera jeneralin'ny antoko HVM.

Mamy R.

Ben'ny tanànan'Antsiranana

# Tsy andrenesam-baovao, taorian'ny resabe tany Maevatanàna

Raha ny resaka manodidina ny didim-pitsarana mahakasika ny filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha no nalaza teto an-drenivohitra, tamin'ny faramparan'ny herinandro lasa teo dia ny tsy fahitana ny ben'ny tanàn'Antsiranana kosa no ambetin-dresaky ny vahoaka ao amin'ny kaominina nahavoafidy azy, efa andro maromaro izao. Arakan y loharanom-baovao avy any an-toerana mantsy dia tsy andrenesam-baovao ny ben'ny tanàna, taorian'ny resabe manodidina ny fisamborana azy, tany Maevatanana andro vitsivitsy lasa, izzay mbola manjavozavo hatramin'ny omaly. Araka ny tsilian-tsofina dia nandre mialoha ny mety hisamborana azy ny ben'ny tanàna ka mailo. Ary ny fiarany sy ny mpamily azy no notazonina tao Maevatanana satria izy tsy tao anatiny. Taorian'izay dia tsy misy vaovao marim-pototra mahakasika ny ben'ny tanànan'Antsiranana. Ny hany tsikaritry ny mponina dia tsy miditra birao ny lehilahy. Fifandrifianjavatra ve sa tsia fa sesilany ny fitarainan'ny mponina any an-toerana satria maizina ny ankamaroan'ny lalana ivezivezena, ankoatra ny arabe. Vokany, mirongatra ny tsy fandriampahalemana ao an-drenivohitr'Antsiranana. Manampy trotraka izany ny tsy fahatapahan'ny ranon'i Jirama, saika amin'ny kartie rehetra, efa telo andro lasa izao. Hany ka any amin'ny foiben'ny Jirama, no voalaza fa mandahatra « bidons jaunes » ny ankamaroan'ny tokatrano, ankoatra ireo manana lava-drano.

V.R.

Antenimierampirenena : 2006-2009-2024

# Fanintelony amin'izao no misy filohany miady amin'ny fitondrana nanolotra azy

*Izay niseho tamin'ny taona 2009 no azo lazaina ho tranga goavana indrindra fony ny Me Jacques Sylla no Filohan'ny Antenimierampirenena.*

Mitombina tokoa ve ilay ohabolam-bazaha hoe « Jamais deux sans trois », na « Tsy misy zavatra fanindroany ka tsy mbola hisy fanintelony » raha adika malalaka ? Fanintelony amin'izao tokoa no misy filohan'ny Antenimierampirenena miady amin'ny fitondrana nanolotra azy teto Madagasikara. Voafaoka ao anatin'ny atao hoe fitondrana eto ny Prezidàn'ny repoblika ary ny maro an'isa ahitana ny Vondron-kery na antoko manohana ny Prezidàn'ny Repoblika sy ny fitondrana eny anivon'ny Antenimierampirenena. Na inona na inona lazaina, tsy maintsy avy amin'ny maro an'isa foana no manolotra na ihavian'izay filohan'ny Antenimierampirenena voafidy. Ny teny ampiasaina eto dia « miady amin'ny fitondrana nanolotra azy » fa tsy natao hoe « mivadika amin'ny fitondrana nanolotra azy ». Izany no natao mba ialana amin'ny adihevitra misy mahakasika indrindra ity atao hoe « mivadika » ity satria samy manondro ny ankilany ho mivadika ny andaniny. Ny zavatra tsy azo lavina anefa dia misy ny tsy fifankahazahoana na ady mihitsy eo amin'ny roa tonta. Angamba tsy hisy afaka handà izany. Na heverina fa marim-pototra sy mitombina aza ilay izy dia ady foana no ilazana izany.



Talohan'izao dia efa nisy ireo Filohan'ny Antenimiera anankiroa niady tamin'ny Fitondrana (sary tahiry)

### Fifidianana 2006

Raha tsiahivina, ny tranga voalohany niseho dia ny taona 2006 fony Ingahy Lahiniriko no filohan'ny Antenimierampirenena tamin'izay. Ny nanolotra sy nampandany azy dia ny antoko TIM, izay maro an'isa teo anivon'ny Antenimierampirenena sady nanohana ny fitondran'ny Prezidàn'ny repoblika Ravalomanana Marc tamin'izany fotoana izany.

Tamin'ny voalohany dia niantomboka tamin'ny fanaovana tsikera aloha ilay izy, avy eo niafara tamin'ny fanoherana ampahibemaso ny Filoha teo aloha Ravalomanana. Avy eo nilatsaka hofidiana Prezidàn'ny repoblika nifaninana tamin'Ing. Ravalomanana koa ny tenany, saingy tsy lany.

### Krizy 2009

Izay niseho tamin'ny taona 2009 no azo lazaina ho tranga goavana indrindra raha ny Filohan'ny Antenimierampirenena Jacques Sylla no teo tamin'izay. Ity farany dia efa Praiminisitra teo aloha notendren'Ing Ravalomanana tao anatin'ny fotoampiasany voalohany naha-Filohan'ny repoblika azy. Tao anatin'ny fotoam-piasany faharoa sy taorian'ny fifidianana solombavambahoaka vaovao dia Me Jacques Sylla indray no natolotry ny antoko TIM ho filohan'ny Antenimierampirenena tamin'izay. Rehefa nitranga ny krizy 2009 dia tafiditra teo amin'ny « kianjan'ny 13 Mey » ireo mpanao fihetsiketsehana notarihin'ny Ben'ny tanàna Andry Rajoelina tamin'izany, izay nanohitra ny fitondrana Ravalomanana. Tonga teny amin'ny « kianjan'ny 13 Mey » koa taorian'izay ny filohan'ny Antenimierampirenena Jacques Sylla sady nanambara ampahibemaso ny fanohanany io hetsika io. Niafara tamin'ny firodanan'ny fitondrana Ravalomanana moa ilay hetsika io.

### Taona 2023-2024

Ny tranga fahatelo dia ny miseho ankehitriny, izay naha-filohan'ny Antenimierampirenena andRtoa Razanamahasoa Christine. Raha tsiahivina dia ny IRD no nanolotra azy ary nampandany azy tamin' io na dia ny solombavambahoaka rehetra aza no nifidy azy. Efa nanomboka ny taona 2023 ny ady nifanaovan'ity filohan'ny Antenimierampirenena ity sy ny Filohan'ny repoblika Andry Rajoelina ary ireo maro an'isa manohana ny fitondrany. Nisara-kevitra teo amin'ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana filohan'ny repoblika tamin'iny taona 2023 iny ny roa tonta. Tsy nety niravona ny disadisa fa mbola nitohy hatramin'izao hanomanana ny hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka amin'ity taona 2024 ity. Lasa toy ny manakaiky kokoa ny mpanohitra no fahitana ity filohan'ny Antenimierampirenena ity. Ny niafarany dia tonga amin'izao fanonganana azy tsy ho depiote izao, araka ny fitoriana sy fangatahana tonga teny amin'ny HCC, izay nataon'ny Vondrona IRD maro an'isa eny Tsimbazaza izao.

Fehiny, raha fanintelony amin'izao no nisy filohan'ny Antenimierampirenena niady tamin'ny fitondrana dia ny iray tao anatin'izay ihany hatreto no nahomby satria niafara tamin'ny firodanan' ny fitondrana. Ny fitondran' Ing Ravalomanana kosa no nisedra fanoherana indroa sady mafy indrindra avy amin'ny filohan'ny Antenimierampirenena napetrany.

**L.R.**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nanolotra omby mifahy roa ho an'ny mpilalao rugby eny Ambohimanarina

Ankotra ny fanamboarandalana sy ny fanampiana ny tanora hahafehy teny vahiny maro dia mitohy ihany koa ny fanohanan'ny depiote Todisoa Andriamampandry ny fanatanjahantena sy ireo mpisehatra amin'izany eny Ambohimanarina eny. Ny alahady teo, nanolotra omby mifahy roa sy amboara maromaro toy ny kalisy, baolina lelavola, sns ho an'ireo klioba 27 nandray anjara sy niatrika ny famaranana tamin'ilay lalao "Amboma Champions" io olom-boafidy eny amin'ny Boriboritany faha-6 io. Tonga nanatrika mivantana io lalao io teny amin'ny Makis Andohatapenaka ny tenany ka nanditra izany no nanamafisany fa sady mampiray ny mpiarabelona ny fanatanjahantena no ampinga entina miady amin'ny fifohana zava-mahatomelina ka mila tohanana hatrany ireo mpisehatra aminy. Notsipihany manokana tamin'izany ny fanentanana ny rehetra, indrindra ny tanora mba heneho firaisankina hatrany, tsy amin'ny spaoro ihany fa amin'ny sehatra rehetra mihitsy mba hisian'ny fivoaran'ny mpiarabelona sy hanana fiarahamonina mirindra, izay antoky ny fampandrosoana.

### Nidina ifotony

Mikasika izay hetsika aratsosialy ataon'ny depiote Todisoa ho fanampiana ny mpiara-belona aminy eny Ambohimanarina izay hatrany, dia vita tamin'ny herinandro ambony teo ihany koa ny làlana mirefy 500 metratra eny amin'ny fokontany Andranambo Ambodiady. Nidina ifotony nijery sy nanara-maso ny zava-bita teny an-toerana io olom-boafidy TIM io tamin'ny alarobia lasa teo ka nandritra izany no nanentanany ny vahoaka mba hikolokolo tsara ity fotodrafitrasa vao namboarina ity. Nomarihany tamin'izany, fa na dia tsy asan' ny solombavambahoaka aza ny manao fotodrafitrasa tahaka izao dia tsy ainy no hitazam-potsiny ny fahasairanam-bahoaka, indrindra rehefa tsy manao ny asany ireo tomponandaikitra ka raisiny ho adidy ny fanaovana izany. Tsy niandry ela fa tamin'io fotoana io ihany dia naneho ny hafaliany sy ny fankasitrahany ny depiote Todisoa niantoka manontolo ny fanamboarana io lalana io ireo vahoaka mpampiasa izany lalana vao namboarininy izany.

**Mamy R.**



Nanohana ireo nandray anjara tamin'ilay lalao "Amboma Champions" ny depiote Todisoa.


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fikambanan'ny Silamo Malagasy

# Nisantatra ny fiaraha-miasa amin'i Arabia Saodita

*Nanolotra fanampiana ho an'ireo traboinan'ny rivodoza tany amin'ny faritra Diana ihany koa ny FSM, ho famaliana ny antso nataon'ny fitondram-panjakana tany Ambilobe.*

*« Sambany tao anatin'ny 50 taona nijoroan'ny Fikamban'ny Silamo Malagasy teto madagasikara, no nisy fiaraha-miasa teo amin'ny fanjakana Saodianina na dia efa nisy ihany aza ireo fanampiana sy tolo-tanana avy amin' ireo fikambanana samihafa any an-toerana. »*, hoy ny filoan'ny fikamban'ny siloamo malagasy, Atoa Abousoary Saîd Arsène omaly. Atoa Abdallah Sharif, iraka manokan'ny mpanjakan'i Arabia Saodita mihitsy no tonga eto madagasiakara nanao sonia fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny fikambanan'ny silamo malagasy. Nomarihin'ny filohan'ny FSM anefa, fa voalohany amin'ny fanjakana mpanolotra fanampiana an'ireo mpino silamo manerana an'izao tontolo izao i Arabia Saodita. Omaly alatsinain'ny Paska no nisantarana izany fiaraha-miasa amin'ny Arabia Saodita izany, tamin'ny alalan' ny fanolorana vatsy ho an'ireo zokiolona. Vary 50 kilao, menaka 1 litatra, siramamy ary ronono no natolotra an' ireo zokiolona tetsy amin'ny moske 67 ha omaly ho fisantarana an'izany fiaraha-miasa izany. « *Santatra am-bavarano ihany izao fanolorana fanampiana ara-tsakafo ho an'ny zokiolona izao fa mobla hivelatra amin'ny sehatra maro lafy ny fiaraha-miasa amin'i Arabia Saodita manomboka eto* », hoy ny filohan'ny FSM, Abousoary Saîd Arsène. Nisaotra ny fanjakana malagasy ary mbola miandrandra fiarah-miasa hatrany moa ity iraky ny mpanjaka Saodianina tonga eto amintsika ity.

**Namaly ny antso avon'ny fanjakana**

Fa ankoatra izay, namaly ny antso avo nataon'ny Filohan' ny repoblika sy ny Praiminisitra lehiben'ny Governemanta, amin'ny fanomezana tolo-tanana ho an'ireo traboina vokatry ny fandalovan' ny rivodoza « Gamane » tany amn'ny faritra Diana ihany koa ny Fikambanan'ny Silamo Malagasy. Ny sabotsy teo no nanoloran'izy ireo vary 25 lasaka amin'ny 50 kilao, menaka amin'ny baoritra maromaro, siramamy 200 kilao, lojy 208 kilao ary savony ho an'ireo traboina any an-toerana. Raha ny tarehimarika vonjimaika voarain'ny ben'ny tanànan'ny kamonina Ambonivohitra Ambilobe sady filohan'ny fikambanan' ny ben'ny tanàna ao amin'ny faritra Diana ny sabotsy teo, dia efa mahatratra 17 000 ny olona tsy manan-kialofana ny an-toerana ary mbola tsy mahita hisitrihana ny 3 000 amin'ireo. « *Amin'ny anaran' ny FSM no hanoloranay an' izao fanomezana izao ary vonjy ranovaky ihany izao, fa mbola manao antso avo amin'ireo mpiara-miombon' antoka ihany koa izahay hitondra ny anjara birikiny ho an'ny vahoaka malagasy.* », hoy Atoa Jaotombo Kassimo, mpino silamo zanaky ny faritra Diana.

**Niry R.**



Ny iraka manokan'ny mpanjakan'i Arabia Saodita sy ny filohan'ny FSM nanolotra vatsy ho an'ireo zokiolona teny 67 ha omaly.



Nandritra ny fanolorana fanampiana ho an'ireo traboina any Diana tamin'ny sabotsy teo.

FIZAFAMA

# Manamafy ny fangatahana distrika ao Manambondro

Efa ela no nangatahan'ny zanaky ny faritra Manambondro ny mba hahazo distrika. Mbola nanamafy izany fitakiana izany indray ireto Fikambanan'ny Zanaka ampielezan'ny Faritra Manambondro FIZAFAMA ireto, nandritra ny lanonana fifampiarahaban'izy ireo tetsy amin'ny Cercle Mess Betongolo omaly. Notsiahivin'izy ireo, fa efa nahazoana « Récépissé » mihitsy izany fangatahana izany tamin'ny taona 2013, saingy mbola tsy nivaly hatreto. Be loatra ny kaominina ao amin'ny distrikan'i Vangaindrano izay efa mahatratra 31, ka lasa zanak'Ikalahafa ny sasany, hoy ny filohan'ny FIZAFAMA. Notsindriany manokana tamin'izany ireo kaominina saro-dalana, tsy tongan'ny fiara tahaka an'Amparihy Est, Sahara, sns. Ankokatra izay, namafisin' izy ireo, fa lavitra loatra ny « centre de décision » ny tany any amin'ireny faritra saro-dalnaa ireny. Mahatsapa araka izany ireto zanaka am-pielezan'ny valo kaominina ireto, fa ampy ny fepetra rehetra hahazoana an'izany distrika izany ka tokony hatambatra ao anaty disitrika iray hafa ny ao Manambondro izay ahitana kaominina valo : Manambondro, Amparihy Est, Fenoambany, Isahara, Marokibo, Mahabe, Sandravinagny, Vohimalaza. Nomarihin'ity farany, fa tsy manao politika akory ny zakana am-pihelezana 8 kaominina raha manao izany fitakiana izany, fa mitaky ny anjara masoandron'ireo olona any amin'ny tany niaviany. « *Tsy mahasakana anay hitaky ny anjara masoandron'ny tany niavianay izany, satria izahay ireto dia manana rahalahy, anabavy, Ray aman-dreninay any. ary misy zankay, eo anatrehan'izay dia mangataka distrika izahay* », hoy ny filohan'ny FIZAFAMA. **Niry R.**



Nandritra ny fifampiarahaban'ny zanaky ny faritra Manambondro tetsy Betongolo omaly.

Rivodoza Gamane

# Kandidà ho Solombavambahoaka maro traboina, misy mana-manjo

Kandidà maro traboina ary misy no manaman-jo namoy havana tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Gamane ny herinandro lasa teo tamin'ny Faritra enina any avaratry ny Nosy iny. *" Nahita ny zava-misy marina taty aminay Atoa Filoham-pirenena. Na izy aza nalahelo nahita ny fahavoazana nihatra tamin'ny vahoaka Malagasy maro "*, hoy ny Kandidà hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka taminay. Raha ny vaovao navoakan'ny Bngrc dia Faritra enina: Sava, Diana, Sofia, Analanjirofo, Alaotra Mangoro ary Atsinanana ireo no samy nisy traboina avokoa. Ampolony mahery ireo olona namoy ny ainy ka misy amin'ireo nodimandry no isan'ny Kandidà hirotsaka ho fidiana Solombavambahoaka. *"Kivy izahay satria isan'ny olona mamy hoditra izy. Tsy misy azonay namany azo atao fa mankahery tena"*, hoy ny fianakaviana manaman-jo taminay. Raha ny fantatra dia tokantrano 5371 no nisy fahasimbana ny trano fonenany. Olona 20737 no tsy maintsy nafindra trano hipetrahana noho ny fiakaran'ny ranobe sy traboina. Mitoka-monina tapaka ny tetezana ao Ambilobe, ranobe ny ao Antalaha, milona anaty rano sady mitoka-monina, tapaka ny lalana hivezivzena maro amin'ny kaominina maro amin'ireo Faritra enina efa nolazaina eny aloha. Mikatona nandritra ny andro maro ny kaominina, ny Fitsarana, ary biraon'ny CED. Manoloana ny loza voajanahary nanimba sy namotika zavatra maro dia mangataka amin'ny Governamanta sy ny CENI ary ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana mba hampihemotra ny daty fara-fametrahana ny antontan-taratasy fitotsahan-kofidiana ireo Kandidà ho Solombavambahoaka amin'ny Distrika maro amin'ny Faritra enina nandalovan'ny rivodoza Gamane.

**HAR**

Star Tour - Antsirabe

# Nalai-nisaraka tamin'i Ambondrona sy Samoela ireo mpijery





**Fampisehoana maimaimpoana no natolotry ny Star ny vahoaka sy ireo vahiny tonga teto Antsirabe.**

Toy ny isan-taona, miavaka foana ny fetin'ny paska eto Antsirabe. Tsy andrin'ny maro ny hahatongavan'ny fety ary nisy nanomana ambolana maro mihitsy aza ny fianakaviana tamin'izany. Tsy nahasakana ny olona hifety sy hilanonana ny toetry ny andro. Nibaliaka ny masoandro ny sabotsy tontolo ary dodona sy sasaniandry ny fiakaran'ny tarika Ambondrona sy Wendy Cathalina ny mponina sy ireo vahoaka an'arivony nisafidy ny hankalaza ny fetin'ny Paska teto Antsirabe. Natomboky ny tarika Ambondrona tamin'ny hira Havaoziko ny eny ny fandraisany anjara ary nalaina nifandao ny mpankafy na efa tamin'ny 11 ora alina aza vao nifarana ny fampisehoana. Nilaza i Wendy Cathalina fa tsy nampoiziny hahazo olona maro be toy ireny ny fampisehoana. Ny tovovavy izay nilaza fa avy eto Antsirabe saingy valovotaka tany amorontsiraka ary nitombo sy lehibe tany. Ny alahadin'ny paska kosa, saika nanimba zavatra ny orana saingy tsy nisy niala ny olona na teo aza izany. I Johane sy i Samoela indray mantsy no nanafana ny fotoana niaraka tamin'ireo hira tsy afaka ambavan'ny olona toy ny "ho iray" sy ny "hiaradia" izay duo niarahan'i Johane tamin'i Larry. Ny ankamaroan'ny hiran'i Samoela ihany koa saika niarahany nihira tamin'ny mpijery avokoa toy ny "rava" sy ny "havako mamomamo". Ny alatsinain'ny paska kosa, nifamotoana tamin'i Oladad ny rehetra izay nisafidy tsy handeha hitety an'Antsirabe. Ny vazo mihetsika sy milantolanto no nifandimby ary teo anelanelan'izany rehetra izany ny fanentanana niarahana tamin'i Fou Hehy sy Andry Bahrone. Ny Dj kosa tsy niala teo mihitsy fa niezaka nanafana ny sehatra. Nambaran'i Fanouh Raveloson , tomponandraikitra eo anivon'ny Star fa Antananarivo indray no handray ny Star Tour amin'ny volana jona.

### Tsena
### Mahay mitady vola ny mponin'Antsirabe

Mahay mitady vola ny mponin'Antsirabe. Manararaotra mivarotra daholo mantsy ny olona na io hani-masaka na kiendihendy ary indrindra ny sakafo. Ho an'ny Star manokana, nisy ny toerana nantsoina hoe "espace pression" izay azo hipetrahana sy hisotrosotroan'ireo mpankafy ny vokatra Star. Nifanitsa-kitro ny olona tao amin'io toerana io na efa niezaka nitady vahaolana nanalehibiazana ny toerana azo andraisana olona aza ny tomponandraikitra. Ireo mpivarotra amin'ireo tranoheva manodidina ny Gara kosa efa mahazatra azy ireo ny mandray olona betsaka ary miezaka ny mitady zavatra vaovao mba hisontomana olona. Manodidina ny 100 000 tokoa mantsy ny olona nandrasan'ny Star tamin'ity hetsika Star Tour ity ary efa zary mahazatra ny olona ny mihazo an'Antsirabe mandritra ny Paska. Misy ihany ireo nitaraina na izany aza satria diso be loatra ireo mpivarotra saingy tsy maty antoka anefa na izany aza. Ankoatran'ny tsena, anisan'ny mahazo vahana ihany koa ny sehatry ny fizahantany anatiny satria feno hipoka avokoa ny trano fandraisam-bahiny rehetra eto Antsirabe. Ny fitaterambahoaka ihany koa nila namandrika toerana mialoha raha tsy izany tsy nahita.

### Kilalaon'ankizy
### Maro azo nisafidianana

Tsy diso anjara ireo ankizy kely tamin'ity fety tao Antsirabe ity satria karazany maro ny kilalao afaka nisafidianan'izy ireo. Ny Star ihany koa nanokana toerana afaka hametrahana ireo ankizy mandritra ny fotoana hiarahan'ireo lehibe misotrosotro. Na izany aza anefa, noho ny habetsaky ny olona loatra, nisy zaza roa sy telo tsy hita ny nalehan'ny ray amandreniny. Fa tamin'ny ankapobeny samy nahazo izay tandrify azy ny rehetra.

**Nath**



**Toy izao ny habetsaky ny olona tao amin'ny Espace pression.**



**Variana nilalao ny ankizy fa tsy adinony naka sary.**



**Toy izao ny hamaron'ny olona nijery fety omaly alatsinain'ny paska.**

## Taratasy ho an-dRamala

### " Trondron'ny avrily " !

Any Ramala,

Manitsaka ny volana avrily isika izao. Hono ho aho Ramala ? Fa inona kay no antsoin'ny olona hoe " Trondron'ny avrily " ? F'angaha moa samy manana ny trondrony daholo ny volana tsirairay ao anatin'ny taona sa rehefa volana avrily ihany ? Ilay antony nisafidianana sy nanavahana ilay volana avrily Ramala no tsy mbola mazava. Raha ny fahafantarana azy Ramala dia sarisarin-teny na karazana fanoharana ihany izy io fa tsy raisina ara-bakiteny. Ilay izy koa amin'ny andron'ny 1 avrily ihany no misy an'io " trondron'ny avrily " io fa tsy ny avrily iray manontolo akory. Marihina fa efa lasa omaly ny datin'ny 1 avrily Ramala. Ilay hoe " trondron'ny avrily " dia teny vazaha nandikana ny " poisson d'avril " amin'ny tenindrazantsika. Andro iray nantsoin-dry zareo hoe " fetin'ny lainga " izy io. Ny trondro dia azo amin'ny alalan'ny fintana. Ny hevitry ny teny hoe " voajono " koa dia hoe " voafitaka ". Ka mety avy amin'izay no nahatonga ilay hoe " trondron'ny avrily ". Zavatra ohatra ny tsy dia misy manao intsony izy io ankehitriny fa taloha dia mandeha ho azy. Omaly rahateo moa alatsinain'ny paska ka mainka koa takona na adino io andron'ny " trondron'ny avrily " io. Mahita atao mihitsy Ramala ireto Vazaha ireto. Fa maninona koa izao no mbola nanokanana andro iray ny fanaovana lainga ? Amin'ny andavanandro ve tsy efa mandainga foana ny olona ? Sa ve amin'io andro io ihany no tsy mampaninona raha mandainga ? Fa raha mbola ampiharina sy omena lanja amin'izao androntsika izao io laingam-bazaha, izay fomba fanao rehefa andron'ny 1 avrily antsoina hoe " trondron'ny avrily " io, mety hanahoana ny ho fiantraikany ? Eritrereto anie Ramala raha hoe ny olona manao fesiboky rehetra rehefa andron'ny 1 avrily dia manao " trondron'ny avrily " ! Toy izany koa ireo manao serasera sy fampahalalam-baovao, indrindra fa ny manampahefana, izay milaza vaovao na mampita hafatra na fanapahan-kevitra rehefa andron'ny 1 avrily dia hiteny indray aorian'izay avy eo hoe " poisson d'avril " ! Dia inona no zavatra hitranga, tsy ho raharaha ? Aleo faranana eto ny androany Ramala fa somary efa lava izay, amin'ny manaraka indray.

## Ragasy

Naivo Raholdina

# "Ataon'ireo mpanohitra fitaovana Rtoa Razanamahasoa Christine"



*"Tsy vao izao no nisy mpamadika ny Filoham-pirenena izany ireo mpikambana ao anatin'ny vovonana ihany. Mazava fa ataon'ireo mpanohitra fitaovana fotsiny Rtoa Christine Razanamahasoa, amiko dia famadihana ankitsirano ary tiako ny milaza fa Rtoa Christine Razanamahasoa izany dia tsy ho tian'ny mpanohitra velively fa ataon' ireo fitaovana fotsiny hanakorontana ny firenena."*, hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina, sady filoha lefitry ny Faritanin'Antananarivo tamin'ny fahatongavany teny Ivato taorian'ny fialantsasatra nataony tany ampitan-dranomasina ny faran'ny herinandro teo. Anatra sy lesona ho an'ireo Solombavambahoaka ary ny mpikambana rehetra ao anatin'ny vovonana IRD io zavatra nihatra tamin'ny PAN teo aloha io. *"Izay no tiako hampitaina amin'ny rehetra fa anatra io. Lesoana ho an'izay ho Solombavambahoaka TGV sy IRD iny. Tsy ankitsitsy intsony io fa avy hatrany dia miala, ary izay no mahatonga ny mandat tsy mbola mivoaka hatramin'izao. Izaho izao dia efa leo satria tamin'izaho mbola mpitondra teny dia nisy ny :Mapar I, Mapar II ary Mapar III nandefitra izahay. Teo indray tonga ny IRD fa raha ny fikonkononana, fanakorontanana saim-bahoaka ary fanonganam-panjakana dia tsy azo ekena intsony izany"*, hoy hatrany ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Nomarihan'ity farany fa tsy fanaovana politika ny ao amin'ny Antenimierampirenena ary noresahany tamin-dRtoa PAN teo aloha izany rehefa nandray ny toerana maha Filoha lefitry ny Antenimierampirenena ny Faritanin' Antananarivo ny Depiote Naivo Raholdina.

**HAR**

Alatsinain'ny Paska - Antananarivo Renivohitra

# Feno hipoka ireo toeram-pitsangantsanganana

*Nifanome tanàna tamin' ny fandaminana ny polisy nasionaly sy ny polisy monisipaly ary ny mpamonjy voina.*

Vao maraina dia efa nifanaretsaka ireo mpitsangatsangana, omaly alatsinain'ny Paska. Rakotra olona avokoa ary tena feno hipoka ny ankamaroan'ireo toerampitsangatsanganana teto Antananarivo Renivohitra. Efa niomana mialoha ny teo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ka nosokafana avokoa ireo zaridaina rehetra ankotra ny teny Antaninarenina. Nasiana vidim-pidirana 500 Ariary ny teny Ambohijatovo sy Anosy, ary maimaimpoana ny teny Analakely, Ampefiloha, Andohalo, Akorondrano, ary Ambohimitsimbona. Vao maraina dia efa nilaharana ny fidirana tao amin'ny zaridainan' Ambohijatovo. Efa nahatratra hatrany amin'ny 300 ireo niditra tamin'ny ora voalohany nisokafany. « *Teo amin'ny 3 000 ny isan'ny olona niditra tato amin'ny zaridainan'Ambohijatovo tamin'ny taon-dasa. Ny miditra anefa mihoatra io isa io, saingy rehefa misy ny mivoaka dia voarindra tsara avokoa ny zava-drehetra. Na izany aza, tsy afaka mihoatra io fetr'isa io, ary izany indrindra no nametrahana tomponandraikitra misahana ny fizarana tapakila eo am-pidirana mba hamantarana ny isan'olona miditra. Navela hilalaovan'ny ankizy ny bozaka tamin'ity indray mitoraka ity, fa misy ny tomponandraikitra manaramaso mba tsy hahasimba ireo voninkazo. Hanao fanamboarana ny kaominina rehefa vita ny fety.* », hoy ny kaomisera Oestrom Whenss, lehiben'ny vondron' ny polisy monisipaly. Anisan'ny nahasarika olona koa ny teo amin'ny araben'ny fahaleovantena, indrindra fa ny fisian'ilay lamasinina mahazaka olona maro sy ny jiro nandravaka ny tanàna amin'ny alina. Efa tsy lazaina intsony ny fahabetsahan'ireo olona tonga teny amin'ny valan-javaboary Tsimbazaza sy ny teny amin'ny Marais Masay. Ny masoandro mody no nampalahelo, saingy nifampitadiavana ny taksibe rehefa nody, satria nanao « Spécial » avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Manginy fotsiny ny fitohanana nanomboka ny hariva, indrindra fa ny niditra an'Antananarivo.

**R. Muray**



Feno hipoka ny zaridainan'Ambohijatovo. (Sary : Kely R.)





Alahadin'ny Paska

# Samy nanao fandaminana manokana ny fiangonana

Fotoan-dehibe ho an'ny Kristiana ny Paska. Voatery nanao fandaminana mialoha ny fiangonana nentina nandraisana ireo mpino tonga marobe tamin'ny alahady. Nisy ny nanao fidiranana maromaro mba tsy hifampisisihan'ny olona. Tao koa ireo namoaka seza sy trano eva teny ivelany noho ny fahamaroan'ny olona. Ny an'ny FJKM Ifaliarivo Ambanidia ohatra dia nasiana fidirana indroa, dia tamin'ny 6 ora sy sasany maraina ny tamin'ny 9 ora sasany maraina. « *Efa nanafosafo ny 1 300 ireo olona namonjy ny fidirana voalohany. Isaky ny alahady mahazatra dia tarika diakona roa eo foana no ahetsika fa tamin'ity anio ity dia nahetsika avokoa ny isan-tarika rehetra. Ny hafatra mafonja ampitaina amin'ireo Kristiana amin'ny fankalazana ny Paska toy izao dia aza variana mamaha olana foana fa mitraka fa efa voakodia ny vato, ary mila miasa tsara sy miasa mafy.* », hoy ny pasitera Rakotozafy Solofoniaina, mpitandrina ny FJKM Ifaliarivo Ambanidia. Tsiahivina fa ny alahadin'ny sampan-drofia no nanombohan'ny herinandro masina. Ao anatin'io fotoana io no hahatsiarovana ny lalan'ny hazo fijaliana sy hanaovana ny fiomanana ny fetin'ny fandresena amin'ny Paska.

**R. Muray**

Faha-130 taonan'ny FMTA

# Nosokafana omaly ny fotoam-pankalazana

Feno 130 taona omaly 1 avrily ny FMTA (Fiangonana Protestanta Malagasy Tranozozoro Antranobiriky). Nosokafana omaly, tao amin' ny FMTA foibe Ambatonakanga, ny fankalazana ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 1 avrily 2025. Nasaina nanotrona ny lanonam-panokafana tamin'ny alàlan'ny fankalazana sy fiderana an'Andriamanitra ireo mpiara-miasa amin'ny fiangonana sy ny solontenan'ny manam-pahefana. « *Ny pasitera Rajaonary no namorona ny FMTA. Izy araka izany no mpitandrina malagasy voalohany namorona ny fiangonana malagasy voalohany ho an'ny Malagasy. Hapetraka ho tsangambaton'ny faha-130 taona ny fanorenana ny Ivotoerampiofanana eny Ambohimiadana Ampitatafika.* », hoy Ranarison Mamitiana, komitin' ny fankalazana ny faha-130 taona. Anisan'ny hetsika farany akaiky indrindra ao anatin'ny fanamarihana ny faha-130 taona ity ny fankalazan'ny misiona rehetra eo anivon'ny FMTA ny isan' enim-bolana, izay iarahana amin'ireo FMTA amin'ny faritra rehetra, amin'ny 9 ka hatramin'ny 14 avrily ao amin' ny foibe Ambatonakanga.

**R. Muray**



Ny komity mpikarakara ny fankalazana ny faha-130 taona.

## Teny rehetra teny

Sary : Kelly R./Yvon Ram



Maro karazana azo isafidianana ny kilalao ho an'ny ankizy rehefa vaninandro fety toy izao.



Feno hipoka avokoa ny toera-pialana voly nandritry ny Paska.



Faly sy ravo ny kilonga mamonjy fodiana .

Vonoan'olona tao Toliara

# Olona 6 voasambotra, 1 maty voatifitra

Taorian'ilay fanafihana narahina vonoan'olona nitranga tao Tsianaloka-Toliara ny 25Martsa lasa teo dia olona enina voarohirohy tamin'izany no voasambotry ny polisy tany an-toerana ny faran'ny herinandro teo, izay vehivavy ny telo. Mbola nahatratrarana basy iray niaraka amin'ny bala sy vola mitentina Efatra hetsy sy Iray tapitrisa Ariary tany amin'izy ireo nandritra ny fisavàna nataon'ny mpitandro filaminana. Mbola nitohy hatrany ny fikarohana nataon'ny polisy ka jiolahy iray voalaza fa anisan'ny nanafika sy namono ilay renim-pianakaviana ihany koa no maty voatifitry ny polisy ny sabotsy lasa teo tao amin'ny fokontany Antsokobory. Raha ny fanazavàna azo dia mbola nikasa hanao ny asa ratsiny indray izy tamin'io saingy izao maty voatifitry ny polisy izao. Nahatratrarana basy vita gasy iray teny aminy. Raha tsiahivina, renim-pianakaviana iray naka vola vola tamina cash point no norobain'ny jiolahy sady novonoiny. Lasan'ireo olon-dratsy avokoa ny vola tany aminy. Nandray antanana ny raharaha avy hatrany ny polisy taorian'izany ka izao nahitàm-bokany izao izany.


R.C



Ireo vola sy basy tratra!

Magazine La Page

# Mampahafantatra ny tontolon'ny zava-maniry




Ahitana tetikasa, toro-hevitra sy toro-hay maro isan-karazany anatin'ity Magazine " La Page " ity.

Anisan'ny tolotra iray manampy ireo mpamboly, mpanodina vokatra sy ireo rehetra misehetra amin'ny tontolon'ny zava-maniry ny « magazine La Page ». Misy pejy 32 ao anatiny, izay misy lahatsoratra sy sary. Ahitana tetikasa, toro-hevitra sy toro-hay maro, fampahafantarana karazana zava-maniry sy ny vokatsoa entiny ary ny maro samihafa fa indrindra ireo vokatra avy amin'ireo mpandray anjara amin'ny tsenaben'ny zava-maniry. Teny filamatra vohizin'ny « La Page » rahateo ny hoe « Andao hamboly ny hoavintsika, andao hanoratra ny pejy ». Tsy mijanona ho famphafantarana fotsiny ihany, fa misy ny tetikasa ketrehan'ny « La Page » mba hampifanakakaizana kokoa ireo mpamboly sy ny mpanjifa, anisan'izany ilay hetsika Tsenaben'ny zava-maniry, izay efa miditra amin'ny andiany faharoa amin'ity taona ity. Araka ny efa nampahafantarina teto, hotanterahina ny 25 hatramin'ny 28 avrily 2024 etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina izany. Ny ankamaroan'ireo mpandray anjara dia efa samy matihanina avokoa, ary efa misehatra sy mivelona amin'io asa manodidina ny zava-maniry io na dia hita aza fa mbola tsy feno tanteraka ny tanjak'ity sehapihariana iray ity. Mazava ho azy fa ny tsy fahampian'ny tosika sy fanampiana ho amin'izany no antony sy sakana tsy handrosoany amin'ny tsaratsara kokoa. Tsy vitsy koa ireo vao misandratra na ny antsoina hoe « start-up » handray anjara. Manome sehatra malalaka ho azy ireo ny « La Page » mpikarakara ity hetsika ity, hahazoany mampahafantatra sy manolotra ireo vokatra vokariny, izay betska no tsy mbola mahita lalam-barotra kanefa dia asa mahavelona tsara izy ity raha tena voatrandraka amin'ny ara-dalàna. Hitondra fampndrosoana ny firenena koa raha isy ny tolo-tanana sy torolalna avy amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny voakasika.

Rabenaivo

Anjozorobe

# Fiara latsaka tanaty rano, maty ny mpamily



Ilay fiara trà-doza!

Lozam-pifamoivoizana namoizana ain'olona indray ity nitranga tao Mananara- Anjozorobe ny sabotsy lasa teo ity. Fiarakely iray mantsy no latsaka tao amin'ny reniranon'i Mananara. Namoy ny ainy tamin'izany ny mpamilin'ilay fiara. Raha ny fanazavàna dia ilay mpamily irery no tao anatin'ilay fiara tamin'io, izay nikasa haka ny vady amanjanany tany Anjozorobe kanjo izao trà-doza izao. Potika tanteraka ilay fiara. Ny olona teo amin'ny manodidina no nifanome tanana namonjy sy namoaka ilay rangahy taraiky tao anatin'ilay fiara. Nifanampiana ihany koa ny fampiakarana ilay fiara avy ao anaty rano. Voalaza fa vokatry ny fandehanana mafy loatra no nahatonga ny loza.

R.C

## Sarisary zary tenany

*Fatory*




## Hatsikana an-tsary

*Bikina*




# Masoandro Miposaka

**JAONA 1 : 12-13**


**Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




# Ohabolana



**Vilany vakin-dRainibeboka : ifonana, tsy azo; avela vita ihany.**

La marmite cassée de Rainibeboka ; si vous faites des excuses (pour l'avoir cassée), il ne veut pas les recevoir; si vous n'en faites pas, tout est dit.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3210**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | | | | | | | |
| 2 | 7 | | | 4 | 8 | | | 1 |
| 8 | | 9 | 6 | | | | 5 | 2 |
| | 2 | | 1 | | | | | |
| | | 8 | | 5 | 6 | | 3 | |
| | | | | | 4 | | | |
| | | | | 1 | | | 8 | |
| | 1 | | | | | | | 9 |
| 6 | | 3 | | | 5 | | | 4 |

Valin'ny laharana **3209**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 4 | 7 | 5 | 3 | 1 | 6 | 9 | 2 |
| 1 | 6 | 3 | 2 | 9 | 8 | 7 | 5 | 4 |
| 5 | 2 | 9 | 6 | 4 | 7 | 1 | 3 | 8 |
| 6 | 3 | 4 | 1 | 2 | 9 | 5 | 8 | 7 |
| 9 | 1 | 5 | 7 | 8 | 4 | 3 | 2 | 6 |
| 7 | 8 | 2 | 3 | 5 | 6 | 9 | 4 | 1 |
| 4 | 7 | 8 | 9 | 1 | 5 | 2 | 6 | 3 |
| 3 | 5 | 6 | 4 | 7 | 2 | 8 | 1 | 9 |
| 2 | 9 | 1 | 8 | 6 | 3 | 4 | 7 | 5 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aoka ho Andriamanitra no hitondra sy hamily ny sambom- piainanao. Raha lzy no mifehy sy mitantana ary mivimbina dia ho voavahany avokoa izay rehetra nampanahy sy mahavaky loha."
Ny Vetso (19/09/16)
("Put God in the driver's seat of your life, because anything under His control will never be out of control.")

MotorShow 2024

# Samy afa-po ny mpikarakara sy ireo mpitsidika an'alina



**Nahasarika ny maro ny nahita itony fiara raitra be itony.**

Fahombiazana tanteraka no azo tamin'ilay hetsika « MotorShow », andiany voalohany, izay notanterahana nandritra ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny kianja Barean'i Mahamasina. Nahatratra hatramin'ny 1alina no isan'ireo nitsidika nandritra ny roa andro, izay nambarandRanaivo Tojo anisan'ny mpikarakara ny hetsika fa tratra ny tanjona ary afaka manatanteraka na kely sy bitika ihany aza amin'ny fanampiana ireo ankizy marary », izay notsiahiviny fa anisan'ny nanaovana ity hetsika ity. « Somary gaga ihany izahay fa moramora ary tsy dia nisy fahasarotana ny fikarakarana, ny fanohanana no zava-dehibe », « samy nampiseho fahavononana daholo ny rehetra ary nisy ny firsainkina, ka izay no nahatonga azy tsy ho sarotra loatra », « 1volana no nanomananay iny Motorshow2024 ». Na teo aza izany fahombiazana izany, nisy ihany ny olana kely, hoy i Tojo noho ny fisian'olona nikasa hisoloky. Nambarany fa « tsy tokony hafangaro ny resaka, tsy tokony higafy ihany koa satria manimba ilay firaisankina izany ». Efa nanome toky sahady moa ny tenany fa tsy maintsy hisy ny andiany faharoa fa mbola handamina tsara izy ireo. Betsaka rhateo, hoy hatrany i Tojo ireo nangataka hoe aleo asiana mba ho fahafinaretan'ny maro. Nahatonga ny safidy teto amin'ny Barea indray, dia nazava ny tenin'ny mpikarakara satria dia afovoany sady tsy manahirana ny fahatongavana teny. Mieritreritra hanao zavatra any amin'ny faritany fa vao mandinika ny fanatanterahana zy moa izy ireto. Tsiahivina, fiara 140, moto 30 ary ilay fiarakely 100 no naranty tetsy amin'ny kianja Barea nandritra iny 2 andro iny. Maro no naniry handray anjara fa tsy atonona ny toerana, izay ialana tsiny amin'izy ireny izany, hoy hatrany ny mpikarakara. Mazava kosa ny hafatra natsipin'i Tojo Rnaivo ho an'ny tanora ny amin'ny hoe, tsy natao fampirantina fotsiny ireny fa mandrisika azy ireny mba hanatanteraka ny nofinofiny ho tena izy.

**Rabenaivo**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 614 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Lasary voatavo

Zavatra ilaina : voatavo, voasary makirana, menaka, kotomila, tongolo maitso, tongolo gasy, tongolobe, voatabia, dipoavatra.

Fikarakarana azy : Kikisana (rapena) somary vaventy toy ny karaoty ny voatavo amin'ilay matoy manopy mavo tsara ireny. Ampandalovina anaty rano mangotraka hanalany ny fofony dia avela hitsiaka tsara ny ranony. Atao ny saosy vinaigrety. Tetehina madinika ny tongolo maitso sy kotomila. Afangaro anaty lovia jobo amin' izay izy rehetra. Alefa ao ny voatabia efa voatetika dia afangaro tsara. Avela hilona kely vao aroso.

Mazotoa homana!

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**30 mars au 05 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
07.30 : Dessins animés
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12h30
12.45 : VAOVAO 13h00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Romantique
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full SPORT
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les Infos de Ma-TV
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Mahandro
21.15 : Film Dramatique
23.00 : Journal international
23.45 : Film Frisson
01.15 : Magazine
03.00 : Film Romantique
05.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
05.30 : Ny feon'ny pentekosta ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

****************

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DOCUMENTAIRE
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

KOLO TV

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.50 : Instafun
13.15 : K-Sport ®
14.10 : Ankitsimpo
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
19.55 : Micro Trottoir
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

****************

VIVA

01.01 : Film
02.47 : Film
04.57 : Clips : Misy Raha ®
05.04 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.45 : Culte : Tsara Taiza
05.50 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Action : Série Bones
08.13 : Série : Série Chuck
09.03 : Film
11.40 : Série k-drama : Série Crash Landing On You ®
12.50 : Clips : Misy Raha
13.57 : Film
16.10 : Série k-drama : Série Crash Landing On You
17.40 : Série : Série MR and Mrs Smith
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.44 : Série comédie : Série TEE TITANS ®
19.06 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Film
23.16 : Film
01.01 : Journal : Viva Évènement VM ®
01.41 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

***********

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Kitra - FCT Manjakandriana

# Mpandray anjara mavitrika amin'ny " Tournoi National AJESAIA "

*Zandarimariam-pirenena ny andraikitra nosahaniny, ary nilalaovany baolina kitra ihany koa.*

Noho ny fandraisany anjara matetika amin'ny fifaninanam-pirenen'ny AJESAIA, dia notoloran'Atoa Jasmina Ravelonarivo, Filoha Nasionalin'ny " *Centre de Formation de Football des Jeunes AJESAIA* " mari-pankasitrahana " Certificat de Bonification " sy medaly volamena Atoa Rasoloarimanana Dieu Donné, izay nanorina sy manazatra ny ekipan'ny Football Club Tsaralaza -n'i Manjakandriana. Faritra maro nanaovana ny « Tournoi National AJESAIA » no nandraisany anjara, toy ny natao tany Moramanga intelo nisesy - Morondava - Ambalavao - Mahanoro - Ambositra - Toamasina – Ambatolampy, teo amin'ny sokajy latsaky ny 10 - 13 - 15 - 17 taona ary ny "Senior" lehilahy. Araka izany zava-bitany izany dia tsara ho fantarina ny momba an'Atoa Rasoloarimanana Dieu Donné, izay feno 69 katroka amin'ity taona ity. Mbola matanjaka izy, ary manjohy eny hatrany ny ekipan'ny FCT novolavolainy. Manambady niteraka anankiroa Atoa Rasoloarimanana Dieu Donné. Zandarimariam-pirenena ny andraikitra nosahaniny, ary nilalaovany baolina kitra ihany koa. Efa misotro ronono izy, nanomboka tamin' ny taona 2011. Ny klioban'ny Manjakalalao no nilalaovany voalohany tamin'ny taona 1975 ka hatramin'ny 1976. Nifindra tamin'ny ekipan'ny F.I.M Ivato tamin'ny 1977 - 1978. Telo taona nifanesy no naha mpikambana azy tao anatin'ny ekipan'ny Zandarimariam-pirenena (1984-1985-1986), izay voahosotra ho tompondaka lefitry ny Faritanin'Antananarivo tamin'ny taona 1984. Mialoha izany tamin'ny taona 1983 no niofanany ho mpanazatra, teo ambany fitarihan'Ingahy Peter Schnittger, nitantana ny " Club M " fahiny, ka nahazoany " *Attestation Animateur de Football*". Nanomboka 2011 ka hatramin'ny 2022 no nisahanany ny FCT tamin'ny sokajy zandriny (U10/13/15/17). Ny sokajy " sénior" kosa tamin'ny 2023 ka hatramin'izao, izay marihina fa mpilalao niaraka niainga hatrany latsaky ny folo taona ny ankamaroany. Betsaka ny fifaninanana efa nandraisany anjara, toy ny nokarakarain'ny ligin'Analamanga (U10/13/15), ny Orange Kitra Génération (2000 - 2015), ary ny " Tournoi Grand Tana 2012 - 2018 (U10/13/15/). Manginy fotsiny ny fifaninanana karakarain'ny Section Manjakandriana sy ny AJESAIA, izay tsy ataony ambanin-javatra ny miatrika azy.



**Efa nitondra avo ny voninahitry ny ekipan'ny Zandarimariam-pirenena.**

**aris rafaly**

Jiu-Jitsu - NACH NO-GI 2024

# Ny klioba Checkmat no voafidy ho mendrika indrindra



**Nizotra tsara ny ady ary samy nanaiky ny vokatra ny mpifaninana.**

Tontosa ny faran'ny herinandro lasa teo tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, ny fifaninanam-pirenena ho an'ny taranja haiady Jiu-Jitsu(NO-GI). Tamin'ireo 167 nisoratra anarana dia ny 152 nilanja sy tonga nanao « contre-pesée » no niatrika ny fifaninanana, izay avy amin'ny klioba 11. Nahatratra hatramin'ny 134 ny isan'ny ady tsotra raha 5 kosa ny « absolute ». Ny klioban' ny Checkmat no voafidy ho mendrika indrindra tamin' izany. I Fifaliana no «Meilleur technicien », raha i Nofy no « meilleure technicienne », Majuel kosa no « meilleur technicien » ho an'ny ankizy. Ho an'ny « Fair-play » dia lasan'i Laura.

*Nahatratra hatramin'ny 134 ny isan'ny ady tsotra raha 5 kosa ny " absolute ".*

Nambaran'ny filohan'ny federasiona, Rakotozafy Johary, fa tena tsara ny fikarakarana tamin'ity, voahaja ny fotoana, nilamina ny fifaninanana ary samy nahay nanaiky ny fanapahan-kevitry ny mpitsara ny rehetra. Iny no hetsika voalohany nokarakarain'ny federasiona tamin'ity taompilalaovana ity, izay efa natsidiky ny filohan'ny federasiona sahady, fa anisan'ny ngezabe miandry antsika, ny fiadiana ny tompondaka eran-tany NO-GI, atao any Abu-dhabi amin'ny 26-30 jiona. Ankoatra ilay NACH NO-GI teo, ny GOM sy ilay « Grappling Tournament » ato ho ato no hitiliana sy hifantenana ny handrafitra ny ekipam-pirenena, izay hatreto dia mikasa handefa atleta 8 (4lavy sy 4 vavy) isika hiaro ny voninahim-pirenena. Ireto avy ireo tompondaka : « mâle rooster beginner »/-55,5kg : Avotra(One Tribe). « Mçale light feather beginner)/-61,5kg : Jeremia(CC 101). « Mâle feather beginner »/-67,5kg : Tafita(Guerreros). « Mâle light beginner »/-73,5kg : Jaela(Guerreros). « Mâle beginner)/-79,5kg : Randy(Checkmat). « Mâle Middle Heavy beginner/-85,5kg : Jeff(Guerreros). « Mâle Might Mite »-7yo -33kg : Mahasoa(Checkmat). « Mâle juniors »/-11yo -35,4kg : Riano(Guerreros). « Mâle junior »/-11yo -51kg : Lohane(Checkmat). « Mâle teen »/-13yo -35,4kg : Nandrasana(Checkmat). « Mâle teen »/13yo -40,3kg : Ericardo(Checkmat). « Mâle teen »/-13yo – 52,5kg : Hayden(Guerreros). « Mâle teen »/15yo – 60kg : Mathieu. « Mâle juvenille »/ 17yo -55kg : Tommy(Esca. « Mâle Juvenille »/17yo -61,5kg : Bryan(Checkmat). « Mâle juvenille »/ -17yo -65kg : Gyanot(Attila). « Mix Pee Wee »/ -9yo -26kg : Enoka(Checkmat). « Female Mighty Mite »/-7yo -35,4kg : Harenay(Checkmat). « Female junior »/-11yo -41,5kg : Ivonisoa. « Female Juvenille »/ -17yo -45kg : Quanah(Esca). « Female Juvenille »/-17yo -56kg : Diary(Checkmat). « Female Juvenille »/-17yo – 66,5kg : Nofy(Checkmat). « Female light beginner »/-61,5kg : Tatamo(Checkmat). « Female Middle Heavy »/-71,5kg : Claudia(Ybi). « Mâle light Feather Advanced »/-61,5kg : Diarisoa(Southside). « Mâle Feather Advanced »/-67,5kg : Tsinjo(One Tribe). « Mâle light Advanced »/-73,5kg : Fifaliana(One Tribe). « Mâle Middle Advanced »/-79,5kg : Rado(Checkmat). « Mâle Middle Heavy Advanced »/-85,5kg : Andy(Checkmat). « Mâle heavy Advanced »/-91,5kg : Willy(Checkmat). « Mâle Master1 » : Zo Aina(Guerreros). « Mâle Master2 » : Sergio(Checkmat).

**Rabenaivo**

Tenisy - Ando N. Rasolomalala

# 16 taona dia efa tompondaka tamin'ny sokajy rehetra

Teo amin'ny faha-16 taonany i Ando N. Rasolomalala dia efa tompondaka tamin'ny sokajy rehetra teo amin'ny tenisy. Tsara ho fantarina farany tamin'ny dinika nifanaovana taminy ny zava-bitany teo amin'ny fifaninanana nataony tamin'ity taranja ity, na teto amin'ny firenena izany na tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena nandraisany anjara . Taorian'ny naha tompondakan'ny sokajy rehetra azy tamin'ny faha-16 taonany, dia tsy namelan'i Ando fa norombahany hatrany ny anaram-boninahitra maha tompondakan'i Madagasikara azy ny taona 2011-2012-2013-2016-2018 . Noho ny lozam-pifamoivoizana nahazo azy tamin'ny kodiaran-droa " môtô", izay nahatapaka ny tanany, dia tsy niatrika fifaninanana mihitsy izy, nanomboka tamin'ny taona 2014 ka hatramin'ny 2015. Taorian'izany dia mora taminy ny niatrika fifaninanana indray. Nanomboka nisahana ny asan'ny mpanazatra ny tenany, nanomboka tamin'ny taona 2016. Niondra tatsy amin'ny nosy Maurice, ary nanazatra ny ekipam-pirenena tany an-toerana ny taona 2019 ka hatramin'ny 2022. Taorian'izany no nifindrany monina any Canada. Raha ny zava-bitany teo amin'ny fifaninanana iraisampirenena no tanisaina dia tahaka izao : - 2005 : Nisalotra ny medaly volamena tamin'ny Lalaon'ny CJSOI teto Madagasikara ; 2006 : Mbola nandrombaka ny medaly volamena tamin'ny Lalaon'ny CJSOI koa tatsy Maurice. I Ando ihany koa no voatendry nitondra ny sainampirenentsika tamin'ny filaharana nataon'ny delegasionina Malagasy ; 2007 : Nahazo ny medaly volamena tamin'ny Lalaon'ny Nosy natao teto amintsika; 2011 : Tafita tamin' ny dingana voalohany tamin' ny fiadiana ny tompondaka eran-tany notanterahina tany Chine ; 2011 : Nahazo medaly volafotsy tamin'ny Lalao Afrikanina natao tany Mozambika. Tsiahivina fa anisan'ireo malagasy voasafidy tao anatin'ny ekipam-pirenena niatrika ny " Coupe Davis 2009 " i Ando. Rehefa nanambady an-dRtoa Ramandimbison Fara Banjina Clara ny lehilahy dia niteraka an'i Atsarana Amanda Rasolomandimby, zazavavy kely 7 taona, izay hiakatra fifaninanana amin'ny taranja tenisy any Canada manomboka amin'ity taompilalaovana ity. Ny fanirian'ny nahitany masoandro aminjanany dia ny anarahany ny dian-drainy, ho lasa lavitra amin'ny filalaovana an'ity taranja ity. Ny zanany lahy kely koa dia efa ho kolokoloina toa ny zokiny, sady mianatra no manao tenisy (sport étude).

**aris rafaly**



**Efa hanolo ny anaran-drainy ny zaza mpandimby !**

## TSIPAKA

Ho fisorohana hatrany ny fihanaky ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, dia nanapa-kevitra ny tomponandraikitra mikarakara ny Lalao Olympika 2024, izay hatao any Paris renivohitr'i Frantsa amin'ny volana jolay sy aogositra, fa ho zaraina amin'ny atleta mitoby amin'ny "village des Jeux" ny fimailo na kapoty roa hetsy mahery ? ka misy ny natokana ho an'ny lehilahy ary koa ho an'ny vehivavy.

### Aleo misoroka !

Tsy vaovao amin'ny sofina akory ny fandrenesana, fanaparitahana fimailo amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena toy izany, izay toy ny mampirisika ny atleta hiroso amin'ny fanaovana firaisana kanefa tanjaka no ilaina amin'ny mpanao fanantanjahantena. Araka izao hetsika izao no tanterahina dia tonga amin'ilay fitenenana hoe : « Aleo misoroka toy izay voa vao mihilana ". Raha ny vinavinan'ny tomponandraikitra dia mahatratra 200.000 ny fimailo ho zaraina amin'ny lehilahy ary 20.000 kosa ny an'ny vehivavy. Raha atao ny salanisa dia fimailo 20 isaky ny atleta no zaraina. Atleta izay tsy mahazo mitondra vady ho an'ny manana an'izany fa izy samy izy ihany izany no mifampizara fahafinaretana ao anatin'ny tananan'ny lalao. Hoy ny be vazivazy, ny adidy amin'ny fiarovana ny voninahi-pirenena vita ary ny fahafinaretana ho azo. Fahafinaretana vidiana lafo raha mivaona amin'ny fiarovana tokony atao.

**aris rafaly**




Orange dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo maison digitale 40 manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny fahaleovan-tena ara-bola.

GCL 775/15-13

orange™